Eny tokoa, tompo Allah dia mamela ny vahoakako amin'izay nobitsibitsin'ny fony, raha mbola tsy nanao na niteny izany izy

Tatitra azo avy tamin'i Abou Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Eny tokoa, tompo Allah dia mamela ny vahoakako amin'izay nobitsibitsin'ny fony, raha mbola tsy nanao na niteny izany izy."
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Milaza ny Mpaminany (S.A.W) fa ny mpino silamo dia tsy ho voasazy amin'ny fisainana ratsy ao an-tsainy alohan'ny hanaovany izany na ny hitenenany azy, satria Allah dia nanaisotra ny ratsy sy namela heloka, ary ny vahoakan'i Mohammad (S.A.W) dia tsy ho voasazy amin’izay zavatra ao an-tsaina sy fisalasalana ao amin’ny fanahiny raha tsy nahazo toky sy niorim-ponenana ao aminy izany; Fa raha efa mitoetra sy raikitampisaka ao am-pony izany toy ny fanambonian-tena, na fireherehana, na fihatsarambelatsihy, na koa nataony tamin'ireo rantam-batany, notenen’ny lelany, dia hazoany fahotana izany.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/58144